Fiteny anglisy

EN (ISO 639-1)

Ny **Fiteny anglisy** (English [/ˈɪŋglɪʃ/]) dia fiteny jermanika avy any Angletera. Io no tenim-pirenena nahabe ny mponina anatin'ny firenena maro, indrindra any Royaume Uni sy ny zanataniny taloha : Etazonia, Kanada, Aostralia, Afrika Antsimo, India. Ireo zanatany taloha izay mbola mampiasa ny teny anglisy dia lazaina fa ao amin'ny tontolo miteny anglisy, izay manana anarana *anglosphere* amin'ny teny anglisy.

Anglisy English	
Isan'ny mpiteny	mahery ny 380 tapitrisa ho teny nibeazana, 1 miliara raha teny nianarana
Faritany	Kaontinenta dimy
Sata	Teny ofisialin'ny Firenena Mitambatra ary Fikambanana iraisam-pirenena maro hafa

Isan'ny fiteny be mpiteny indrindra eto an-tany ny teny anglisy, ao arian'ny teny Sinoa. Satria izy no teny be mpianatra indrindra. Miteny ny olona sasany hoe "fiteny iraisam-pirenena" ny teny anglisy. Sady io fiteny io no teny fiasana anatin'ny Firenena Mikambana miaraka amin'ny fiteny frantsay

Tantara



Ny fiteny anglisy dia fiteny voasokajy ao amin'ny fiteny rmanika andrefana, any Eoropa. Ny teny anglisy dia avy amin'ny tenin'ny foko jermanika tonga nipetraka ao Britania (Ilay nosin'i Britania) ary nianjadian'ny fitenin'ny mpanjanatany avy any Skandinavia, avy any Normandia ary avy any Frantsa Avaratra tamin'ny Andro Antenantenany (frantsay: Moyen Âge), ary taty aoriana voaanjadin'ny teny frantsay ankehitriny. Tahaka ny fiteny maro ao Eoropa, betsaka ny indran-teny avy amin'ny fiteny latina sy avy amin'ny fiteny grika, hatramin'izay ka hatramin'izao. Ny fiteny romana hafa sy ny fitenin'ny zanatany taloha dia nianjady tamin'ny fiteny anglisy britanika amin'ny fomba tsy dia lalina. Fa ny fianjadian'ny fiteny vahiny dia samihafa eo anivon'ny firenena miteny anglisy maro samihafa (fianjadian'ny fiteny eo an-toerana), ary manao fomba fiteny iray mety manamarika ny anglisy britanika.

Fiteny avy amin'ny fiteny anglisy

Ireto ireo fiteny avy amin'ny fiteny anglisy

- Ny *fiteny anglisy tsotsotra* na *Basic English* dia teny naboarin'i C. K. Ogden sy i I. A. Richards tamin'ny taona 1930. miisa 850 ny teny ao anatiny: ireo izay ilaina anatin'ny fiainana miaraka amin'izay ilaina mba hanazava ny dika anatin'ny firesahana.
- Ny *fiteny anglisy manokana* na *Special English* dia mampiasa teny 2.000 sady tononina moramora kokoa nohon'ny teny anglisy tsotra.
- Ny *fiteny anglisy nomoramoraina* na *Simple English* dia amipiasain'i mpikambana eto amin'ny Wikipedia (ao amin'ny simple.wikipedia.org (https://simple.wikipedia.org)).

Rohy ivelany

- Anglisy Wikipedia (https://en.wikipedia.org)
- Ethnologue Anglisy titatra (http://www.ethnologue.com/show_language.asp?code=ENG)
- Re-Romanization of English (http://members.lycos.co.uk/rre/)
- More than 20000 English words recorded by a native speaker (http://itcansay.com)

Hita tao amin'ny "https://mg.wikipedia.org/w/index.php?title=Fiteny_anglisy&oldid=971288"

Voaova farany tamin'ny 12 Jiona 2019 amin'ny 16:47 ity pejy ity.

Azo ampiasaina araka ny fepetra apetraky ny lisansa Creative Commons Attribution-ShareAlike ; Mety misy ny fepetra fanampiny mihatra. Jereo fepetram-pampiasana ho an'ny antsipirihany.